Ny Baiboly ho an'ny ankizy
dia manolotra

Ilay Samaritana tsara fanahy



Nosoratan'i: Edward Hughes

Sarin'i: M. Maillot; Lazarus

Nampifanarahin'i: Ruth Klassen; Sarah S.

Alastair Paterson

Nadikan'i: Fikambanana "Ndao mba hiaraka aminay" na association "Allons ensemble" FJKM Nazareta Amborovy Mahajanga Madagascar

Novokarin'i: Bible for Children
www.M1914.org

©2020 Bible for Children, Inc.
Azo atao ny fandikana na fakana ity tantara ity nefa tsy ho amin'ny fitadiavam-bola.

Indray andro nisy
lehilahy mpahay
lalana anankiray
te-haka fanahy
an'i
Jesoa
ka nanontany
Azy nanao hoe:

"Mpampianatra o! Inona no tokony ataoko mba hahazoako ny fiainana mandrakizay? "Fa hoy Jesoa taminy: "Inona no voasoratra ao amin'ny lalan'Andriamanitra?"

Dia novaliany hoe: "Tiava an'Andriamanitrao sy ny namanao". "Saingy iza moa no namako?" hoy
ihany izy nanontany.

Tantara iray no nentin' i Jesoa namaliana ny fanontanian-dralehilahy.

Tantaran'ny lehilahy iray izay nidina avy tany Jerosalema ho any Jeriko.

Notafihan'ny jiolahy teny an-dalana ralehilahy.

Nalain'reo jiolahy avokoa izay rehetra hitany teny aminy. Eny,
hatramin'ny fitafiany!

Nodarohany kapoka, ary efa saika maty mihintsy ralehilahy vao navelany.

Sendra nisy mpisorona
nandalo tamin'ilay
lalana.

Saika handeha hamonjy
ilay lehilahy naratra
izy.

Saingy vao hitany fa
nihoson-dra
tanteraka
ilay lehilahy,
dia naleony nivily lalana.

Nony afaka kelikely nisy olona
hafa ihany koa nandalo teo.
Levita io olona io -
lehilahy
mpanampy ny
mpisorona ao
amin'ny tempoly.

Nanatona sy nijery ilay lehilahy
maratra fotsiny izy, ary
nanohy ny diany
nony
avy eo fa tsy
nanampy azy akory.

Fa nisy kosa Samaritana iray
tonga avy any. Ny Jiosy
dia nankahala
Samaritana
fatratra.

Ireo izay nihaino ny
tantaran'i Jesoa dia tsy nisy
nieritreritra
mihintsy hoe ilay
Samaritana
no handeha hamonjy ilay maratra.

Saingy tena izy tokoa no
namonjy azy. Izy irery no
onena ilay
lehilahy sy nijanona
mba nanampy azy.

Nandohalika teo anilan'ilay maratra ilay samaritana, ary nanadio moramora sy namehy ny feriny.

Rehefa
izay nataingin'y
teo ambonin'ny
ampondrany izy.

Tany an-tranombahiny no
nitsaboan'ilay Samaritana
ilay lehilahy
nandritra
ny alina.

Nony ampitso, nomen'ilay
Samaritana vola ny
tompon'ilay ...

... tranombahiny
mba hitsaboana ilay
maratra
mandra-
pahasitrany.

Rehefa tapitra ilay tantara dia nanontany Jesoa nanao hoe:

"Iza amin'izy telo lahy no naman'ilay nasian'ny jiolahy?"


Ary ilay mpahay lalana namaly Azy hoe: "Ilay Samaritana, izay niantra azy."

Dia hoy Jesoa taminy:
"Mandehana ary
ka mba manaova
torak' izany
koa".

Ny namana dia olona mila fanampiana.

Mahafaly an'Andriamanitra rehefa manampy ny hafa tahaka izany isika.

Ilay Samaritana tsara fanahy

Tantaran'ny Tenin'Andriamanitra,
ny Baiboly,

Tao amin'ny bokin'ny

Lioka 10:25-37

"Ny fanambaràn'ny teninao dia manazava." Salamo 119:130

Tapitra

Ny tantara ao amin'ny Baiboly dia miresaka amintsika ny amin'Ilay Andriamanitsika mahafinaritra, Izay namorona antsika ary maniry ny hahafantarantsika Azy.

Fantatr'Andriamanitra fa manao zava-dratsy foana isika, izany no antsoiny hoe "fahotana". Fahafatesana no sazy ho antsika noho ny otantsika, saingy tian'Andriamanitra tokoa isika ka nomeny Jesosy Zanany ho faty teo amin'ny hazo fijaliana, mba ho voasazy noho ny helontsika. Avy eo nitsangana tamin'ny maty Jesosy, ary niakatra any an-danitra! Raha mino an'i Jesosy ianao, ary mangataka Aminy mba hamelàny ny helokao, dia havelany tokoa izany! Honina ao aminao Izy, ary ianao honina miaraka Aminy mandrakizay.

Raha te-hibebaka hiala amin'ny fahotanao ianao, dia izao no afaka lazainao amin'Andriamanitra: Ry Andriamanitra ô, mino aho fa maty ho ahy Jesosy, ary velona Izy ankehitriny. Miangavy Anao aho, Tompo ô, midira ao amin'ny fiainako, ary mamelà ny heloko, mba hahazoako fiainan-baovao, ary ho avy ny andro handehanako eny Aminao ho mandrakizay. Ampio aho ho velona ao aminao, tahaka ny Zanakao. Amena.

Vakio ny Baiboly ary miresaha amin'Andriamanitra isan'andro!
Jaona 3.16